**POLITIKA SY DIPLAOMASIA**

# Nihaona tamin-dRavalo ny Ambasadaoron'i Etazonia

Eo amin'ny sehatry ny politika sy ny diplaomasia, nihaona tamin'ny filoha Marc Ravalomanana, ny Ambasadaoron'i Etazonia monina sy miasa eto amintsika. Arakan y fanambarana nataon'ny Masoivohon'i Etazonia eto Madagasikara :''nihaona tamin'ny Filoham-pirenena Malagasy tamin'ny taona 2002-2009, sady kandidàn'ny antoko TIM, Marc Ravalomanana, izay notronin'ny Mpanolontsainany momba ny lalàna Hubert Raharison omaly ny Ambasadaoro amerikana Claire Pierangelo, niresaka ny maha-zavadehibe ny fisian'ny fifidianana malalaka sy madio.



*Ny filoha Marc Ravalomanana sy ny Ambasadaoron'i Etazonia eto Madagasikara.*

Ity fihaonana ity dia iray amin'ireo andiana fihaonana ataon'ny Ambasadaoro amin'ny mpisehatra ara-politika eto Madagasikara.'' Arak'izany, santatra ihany izao fihaonan-dRamatoa Ambasadaoro tamin'ny filoha Marc Ravalomanana izao, fa mbola hihaona amin'ireo mpisehatra politika eto amintsika izy, indrindra ireo kandidà nilaza fa hirotsaka ho filohampirenena amin'ny fifidianana ho avy eto amintsika. Ankoatra izany tsiahivina, ny Amerikana no voalohany nanaiky ny fitondran'ny filoha Marc Ravalomanana tamin'ny taona 2002, tao aorain'ny krizy poltika nisyt teto amin'ny firenena tamin' izany fotoana izany.

**Isambilo**

Fifidianana

# Vonona hirotsaka ho filohampirenena koa James Rasoamaka

Miha-antomotra ny daty handrotsahan'ireo izay mieritreritra ny ho kandida filohampirenena ankehitriny, izay hanomboka ny 23 aogositra izao ary hifarana ny 5 septambra . Efa maromaro ihany ireo efa nilaza fa vonona hilatsaka ho fidiana ankehitriny dia ny filoha Marc Ravalomanana filoha nasionalin'ny antoko Tiako i Madagasikara; ny filohan'ny Malagasy Miara-Miainga Hajo Andrianai- narivelo , Tahina Razafinjoelina tompon'ny gazety Tia tanindrazana, sns... Omaly teny amin'ny Espace Jeannie Soavinimerina dia nitafa tamin'ny mpanao gazety ny filohan'ny antoko MTM Mamiko ny Taniko Madagasikara James Rasoamaka. Rehefa nandinika lalina ny tenako ary nifampiresaka tamin'ny vady amanjanako sy ny mpiara-miasa amiko, na eto antoeranana na any ivelany hoy izy, dia milaza ampahibemaso fa vonona hanarina ny firenena Malagasy aho ka handatsaka ny antotan-taratasy filatsahan-ko fidiana ho filohampirenena. Tsy avelantsika ho atao tantely afa-drakotra ny firenentsika hoy izy , hitondra fiovana mahery vaika isika hanarina ny firenena. Tsy ho vitako izaho samy irery anefa izany fa ilaina ny firaisankinantsika. Raha nanontanian'ny mpanao gazety mikasika ny saran'ny filatsahan-ko fidiana filohampirenena mitentina 200 tapitrisa ariary ny tenany dia mbola tsy namaly izany, fa mbola misy hoy ity kandida ity ny fotoana hamaliana azy.



*Ny kandidà James Rasoamaka (afovoany).*

**Helisoa**

Lalaon'ny nosy

# Zary atao alasafay ny fandraisana ny Lalaon'ny Nosy

13 andro sisa dia higadona ny lalaon'ny Nosy aty amin'ny Ranomasimbe Indiana izay i Madagasikara no hampiantrano azy amin'ity andiany faha-23 ity. Efa antomotra izany fotoana izany raha mijery ny andro. Rehefa misaina izany tsara dia mitodika ny maso mijery ireo fotodrafitrasa handraisana ny lalao sy ireo athleta maro avy amin' ireo Nosy rahavavy handray anjara. Mamakakafaka ihany koa ny fampivondronana sy ny fanomanan-tenan'ireo athleta malagasy hiatrika izany. Lalao iraisam-pirenena no hatao eto, mitaky fomba fiasa matotra sy tomombana an-tsakany sy andavany izany. Iarahan'ny rehetra mahita anefa ny zava-misy. Efa akaiky vao mikoropaka ny ministeran'ny fanatanjahantena, ny tomponandraikitra misahana ny lalaon'ny Nosy eto amintsika, ary indrindra ny fitondrana. Atao kongorevo alasafay ny zavatra atao. Be araka izany ny tsy milamina. Hiantehitra amin'ny herimbatan'ireo zatovo sy tanora Malagasy, ka hiandrandra fahombiazana ireo tomponandraikitra ireo? Niaraha-nandre tsara ny fimenomenoman' ireo tomponandraikitry ny federasiona tamin'ireo taranja samihafa noho ny tsy firaikan'ny fitondrana tamin'ny fikarakarana, ohatra, ny toerana hanomanan-tena, izay tsy hita hoe aiza, am-bolana vitsy lasa izay. Ny an'olona anefa, ny athletany, efa herintaona ngarangidiny tany no nanomanan-tena sy ny fikarakarana azy ireo. Tamin'izany fotoana izany, mbola tsy ao anaty kajin'ny fitondrana teto Madagasikara ny momba ireo antsika malagasy. Tsaroana tsara aza, ny lalao tokony natao tatsy amin'ny Nosy Maorisy tamin'ny taon-dasa, fa tsy nandray anjara i Madagasikara. Atao an-tsirambina ny fitsinjovana sy fikarakarana ireo athleta malagasy. Dia hijapy indray koa izao ny fitondrana ny amin'ireo athleta malagasy niaro ny voninahitr'i Madagasikara, indrindra ireo nisalotra medaly volamena, volafotsy ary alimo, tany amin'ny lalaon'ny frankôfônia teo. Hoan'ny mpitazana dia zara raha nisy fandraisan'anjaran'ny fitondrana ho fanohanana azy ireo tamin'izany, fa tena herim-pon'izy ireo sy ny mpanazatra azy ary ny federasionany no nahazoana ny fahombiazana. Izao, andro maromaro kely sisa dia higadona ity lalaon'ny Nosy hotanterahina eto ity. Ny fako misavovona miavosa etsy sy eroa amin'ireo lalambe samihafa eto an-drenivohitra, nefa hoavy ny vahiny. Dia ho lasa mpifosa ve vao hamafa trano? Ny lalana ratsy eran'ny tanàna mahamenatra, maneho ny tsy fahaizamitantan'ny mpitondra. Tomponandraikitra voalohany amin'izany ny Ben' ny tanànan'Antananarivo renivohitra, ary tsy afamiàla koa ny fitondrana Rajoelina. Ny fampahafantarana sy fanentanana samihafa amin'ny hainovaky-jery, maivana dia maivana. Ny tamin'ny fitondrana taloha nikarakara tamin'ny fandraisana toy izao anefa efa am-bolana maro no niparitaka tamin'ny fitaovan-serasera nisy teto ny momba izany. Vitan'ny taloha izany, fa tsy vitan'ny fitondrana ankehitriny, iarahamahita tsara izany izao. Ahiana mihitsy, hoan'ny mpamakafaka ny haha afa-baraka ny firenena amin'izao endri-javatra izao. Raha izay tokoa no hitranga, mitaky fametraham-pialàn'ireo tomponandraikitra izany sy sazy ho azy ireo, fa manala baraka firenena.

**Sôh'son**

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Miala Rajoelina

## Tsy foana ny delestazy, tsy foana ny « embouteillage » eny Itaosy

Miala Rajoelina, 30 andro sisa, na J-30, satria tsy tanteraka avokoa ireo zavatra nampanantenainy sy nolazainy. Tsy foana ny delestazy 3 herinandro nilazan-dRajoelina fa tsy hisy intsony izany, tsy foana ny fitohanana na ny embouteillage eny Itaosy tato anatin'ny 1 volana, nambarany anefa fa hahitana vahaolana izany tao anatin'ny 1 volana. Ireo anefa dia araka ny teny nataony imasom-bahoaka sy nitehafan'ireo mpanara-drenirano fotsiny teny an-dapa nanatrika izany fanamby izany telo herinandro lasa izay. Nazava tsara ny resaka tamin'iny fa miandry ny zava-hiseho ny vahoaka. Hoan'ny olom-pirenena maro aloha dia efa be izay fampanantenana izay, ka tsy mino intsony izay ambaran'ny filohan'ny Repoblika Andry Rajoelina izy ireo. Niharihary rahateo ny fampanantenana poak'aty nataony tao anatin'izay dimy taona latsaka nitondrany ny firenena izay. Mazava loatra, raha tsy mino intsony ny olona maro eto amin'ity firenena ity. Iaraha-mahita, ohatra, ny vidin'entana fanjifan'ny mponina andavanandro izay niaka-bidy lavitra niohatra tamin'izay nampanantenaina tany amin'ny taona 2018-2019. Tsy misy izay tsy nisondro-bidy hatramin'ny entana madinika indrindra. Asa izay mbola hitranga rehefa miakatra indray ny saran-dalana, izay karazan'ny vanja milevina ho an'ny fiainam-bahoaka ihany koa io. Tao anatin'izay taona nitondran-dRajoelina izay, dia tsy nisy andro nihiratra ny fiainam-bahoaka maro an'isa, ankoatra ny an'ireo olom-bitsy miray petsapetsa amin'izao fitondrana izao.
Etsy ankilan'izany, tsy afaka ahiahy ny olom-pirenena ny amin'izay ho fizotran'ny fifidianana izay hotanterahina eto amin'ny firenena amin'ity taona ity, na dia niezaka niseho tamin'ny fahitalavitra niresaka tamin'ny mpanao gazety aza ny filohan'ny Ceni tamin'iny herinandro lasa iny. Ankoatran'ireo fanamarihana nataon'ireo mpanao politika momba ny fanazavana nataony, dia tsapa ho misy iniana hikimpiana fotsiny izao, fa tsy itadiavam-bahaolana akory, kanefa mety hisy fiantraikany amin'ny voka-pifidianana sy ny ho fampandrosoana ny firenena. Anisan'izany, ohatra, ny anaran'ireo olom-pirenena tsy tafiditra ao anaty lisitra fanavaozana manontolo izay mahatratra hatrany amin'ny 2 tapitrisa latsaka. 81, 25% tamin'ny vinavinan'ny Ceni no tratrany. Dia ahoana izany ny amin'ireo tsy feno ireo. Efa nahafapo ny Ceni io taha io na dia misy fahabangana 18,75% aza. Iniana ikimpiana avoaka ve ireo. Iaraha-mahalala tsara anefa, fa tsy ampy antsasaky ny vahoaka malagasy io isan'ny mpifidy io. Azo antoka ve anefa fa hifidy avokoa ireo 11 tapitrisa ireo. Amin'ireo aza, ny antsasak'izay, izany hoe any amin'ny 5 tapitrisa mahery no enjehina raha te hahazo ny antsasa-manila amin'ny vaton'ny mpifidy raha te ho lany amin'ny fihodinana voalohany. Heverina fa efa manao izany kajy izany ny kandidà hirotsaka amin'ny fifidianana. Ahiana anefa ny paipaik'ady politika maloto ao anatin'izany ataon'ny fitondrana, nanamafy izany indrindra indray ihany koa ny baiko nataon'ny minisitry ny atitany ho an'ireo lehiben'ny distrika manerana ny Nosy andro maromaro lasa izay. Amin'ity resaka isian'ny ahiahy ity, dia tsy tokony hijanona fotsiny ihany amin'ny filazana hoe ho hita eo, fa tena mila mandray andraikitra dieny izao ny hery velona rehetra eto amin'ity firenena ity hisorohana ny olana samihafa mety hitranga any aoriana. Aoka tsy hiara-hinia hikimpy miaraka amin'ny fitondrana…

**Sôh'son**


PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue. Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Sylvain R.**